**MINISTERE DE L'AGRICULTURE**
**DE L'ELEVAGE ET DE LA PECHE**

---

**SECRETARIAT GENERAL**

---

**DIRECTION GENERALE DU DEVELOPPEMENT DES REGIONS**

---

**DIRECTION REGIONALE DU DEVELOPPEMENT RURAL**

---

**PROJET D'AMELIORATION ET DU DEVELOPPEMENT AGRICOLE DANS LE NORD EST**

---

# Famindrana andraikitra amin'ireo Rafim-pandrosoana atao anatin'ny FARITRA SAVA :

## ATRIK'ASA SAVARANON'ANDO

**7 JUIN 2005**

**CISCO SAMBAVA**

# FANOROAN-TAKILA

**FANALAVAN-TENY**


**1. FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY TETIK'ASA PADANE…………...………………………………… 1**

**2. APPUI AUX GROUPEMENTS RURAUX (AGR) ………………………………………….….…………….... 4**

**3. MISE EN VALEUR AGRICOLE (MEVA)……………………...……………………………….……….... 9**

4. DEVELOPPEMENT D'ACTIONS SUR TANETY **(DAT)…….…………………………………………..….……………… 12**

**5. AMENAGEMENT HYDRO-AGRICOLE (AHA)………..……………………………………………………….…... 16**

**6. DEVELOPPEMENT DES INFRASTRUCTURES ROUTIERES (DIR)…….…………….….…………………… …………………… 19**

**7. FINANCES RURALES (FR)……………..…..…..……………………… 20**

**8. UNITE DE PROGRAMMATION ET DE SUIVI EVALUATION (UPSE)……………………………………………..….….……………… 24**

# 1. FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY TETIK'ASA PADANE

## 1.1 Momban'ny Tetik'asa PADANE

Tetik'asa fampandrosoana ny eny ambanivohitra mampifandray sehatra maro, noheverina hiasa mandritra ny 6 taona.

- Fifanarahana'ny fanjakana malagasy sy ny FIDA (Fonds International de Développement Agricole)
- Fanaovan-tsonia ny fampitrosana : N° 410 MG tamin'ny 21 jona 1996
- Atrik'asa fanombohana ny PADANE : Mai 1997
- Daty tena nanombohan'ny Tetik'asa : jona 1998
- Daty famaranana napetraka tany ampiandohana : 31 desambra 2002
- Fanalavam-potoana : 31 desambra 2005

## 1.2 Tanjon'ny Tetik'asa

a. **Tanjona ankapobeny :**

Hanatsara ny farim-piainan'ny Tantsaha madinika, indrindra ireo sokajin'olona tena mahantra

b. **Tanjona manokana :**

- Hanamafy ny fahaiza-manao sy ny fahaiza-mitantana ireo vondron'ny Tantsaha sy ireo Tompon'andraikitra ao amin'ny Kaominina.
- Hampitombo ny fahavitan-tena ara-tsakafo amin'ny fanomezan-danja ny famokaram-bary an-koraka sy ny fitantanana mahomby ny voka-bary.
- Hanatsarana ny tombom-bidy azo avy amin'ny vokatra fanondrana mampidim-bola ary manome vahana ny fandraisan'anjaran'ireo mpamokatra madinika amin'ny fanapahan-kevitra eo anivon'io zotram-pamokarana io.
- Hiantoka ny fifehezana ny fambolena an-tanety sy ny fiarovana ny nofon-tany, ny famerana ny fahasimban'ny tontolo iainana manodidina ireo horaka voajary.
- Hiantoka ny fivezivezen'ny olona sy ny vokatra ary ny fitantanana mahomby ny làlana voavoatra.
- Hiantoka ny fahafahan'ny mpamokatra madinika hampiasa ny lalam-bola fitehirizana sy ny fifampindramana .

## 1.3 Faritra iasany

Eo anivon'ny Kaominina 43 :

- Distrika Sambava manontolo : Kaomina 25
- Distrika Vohémar, tapany atsimo : Kaomina 7
- Distrika Antalaha, tapany avaratra : Kaominina 11

## 1.4 Ireo iantefan'ny asa

Tokan-trano tantsaha miisa 27500.

## 1.5 Mpiara-miombon'antoka amin'ny Tetik'asa

a. *Mpiara-miombon'antoka ara-bola*
   - FIDA
   - Fanjakana malagasy
   - DID

b. *Mpiara-miombon'antoka ara-teknika*
   - ONG CDD - MAEP - OTIV
   - DRDR – GTDR - Kaominina
   - Tranoben'ny Tantsaha
   - Mpandraharaha tsy miankina

## 1.6 Fomba fiasany sy ny tetik'ady ampiasain'ny PADANE

- Fomba fiasa miompana amin'ny fampandrosoana iaraha-mientana sy miandalana ka manome vahana ny fahaiza-manao eo amin'ny faritra
- Fandraisan'anjaran'ireo manampahefana eto an-toerana amin'ny fampandrosoana ny faritra
- Fampandraisana andraikitra ireo mahazo tombontsoa amin'ny fanatanterahana ny asa
- Fametrahana fiaraha-miasa amin'ny ONG sy mpandraharaha tsy miankina
- Fampifandraisana ireo tompon'andraikitra rehetra amin'ny fampandroasoana ny faritra

## 1.7 Fandrindrana ny asa

Mizara ho sampana telo lehibe ny tetik'asa:

a) Sampana fanohanana ireo Vondron'ny Tantsaha (AGR);
b) Sampana fanohanana ny Fampitomboana ny vokatry ny fambolena (APA)
   i. Miandraikitra ny fanatsarana horaka voajary (MEVA)
   ii. Miandraikitra ny fanajariana ny horaka sy ny lakan-drano (AHA)
   iii. Miandraikitra ny fanajariana ny tanety (DAT)

c) Sampana fanatsarana ny foto-drafitr'asa momba ny làlana (DIR)
d) Sampana misahana ny tahiry sy ny fifampisamboram-bola (FR)

## 1.8 Teti-bolan'ny Tetik'asa PADANE

11,564 millions de DTS no teti-bolan'ny Tetik'asa mitsinjara :

- FIDA : 8,05 millions DTS (69%)
- DID : 0,305 millions DTS (3%)
- Fanjakana Malagasy : 2,404 millions DTS (20%)
- Fandraisan'anjaran'ny mpahazo tombontsoa : 0,805 millions DTS (8%)

## 1.9 Zava-bitan'ny Tetik'Asa

a. **Fananganana fikambanana :**

- AUE : 161
- GPPV : 142
- UGPPV : 10
- AUP : 3
- AGT : 2
- Caisses féminines : 61

**b. Micro-finances (Mars 2005):**

- Mpikambana : 17 116 ( 35 % vehivavy )
- Tahiry (Epargne) : 2 000 000 000 Ar
- Fampindramana (Crédit) : 6 231 484 000 Ar

**c. Fitrandrahana ny horaka voajary**

- Barazy vita : 175
- Velarantany azo tondrahana : 4830 ha
- Mpamboly vary mahazo fanohanana : 4500
- Mpamboly mampihatra SRI : 18%
- Mpamboly mampihatra SRA : 60%
- Làlana vita : 39 Km

# 2. APPUI AUX GROUPEMENTS RURAUX (AGR)

## 2.1 FANOLORANA

Ny AGR dia sampana iray ao amin'ny tetik'asa PADANE, izay miantoka ny fanohanana sy fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo vondron'ny Tantsaha mpamokatra miara – miasa amin'ny tetik'asa PADANE.

Ny ONG CDD na Coordination Diocésaine pour le Développement no voafidin'ny Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono, hanatanteraka an'io asan'io sampana iray io, nanomboka tamin'ny volana jiona 1998 ka hatramin'izao.

## 2.2 ASA NANKININA TAMINY

Mifantoka tanteraka amin'ny fanampiana amin'ny :

- Fampijoroana ara-panjakana ny vondron'ny tantsaha mpamokatra (constitution et formalisation) ;
- Fampiofanana ny mpikambana (formation) ;
- Fanampiana ny mpikambana amin'ny fandrindran'asa (planification et organisation) sy fitantanana ;
- Fanampiana azy amin'ny fanatanterahana ny programan'asa (suivi de la mise en œuvre des activités de PTBA).

## 2.3 FARITRA IASANY

Amin'ny maha-piara miombon'antoka ny CDD sy ny tetik'asa PADANE dia miasa amin'ny faritra rehetra izay hiasan'ny PADANE ny CDD. Izany hoe kaominina 43, izay mitsinjara toy izao :

- Disitrika SAMBAVA : 25 kaominina
- Disitrika ANTALAHA : 11 kaominina
- Disitrika VOHEMAR : 07 kaominina

## 2.4 TANJONA

Fananana fikambanana matotra ara-pitantanana afaka manohy ny asan'ny fikambanana sy ny fitantanana ny fotodrafitr'asa izay navelan'ny tetik'asa PADANE.

## 2.5 DINGANA LALOVANA MBA AHATONGAVANA AMIN'IO TANJONA IO

a. **Asa savaranon'ando (activités préliminaires aux interventions**)

Jery sava ifandrimbonana eo anivon'ny fikambanana miara miasa aminy (diagnostic participatif) mba ahafantarana ny tanjaka sy ny fahalemena misy eo amin'ny mpahazo tombotsoa (forces et faiblesses)

**b. Asa atao eo anivon'ny karazam-pikambanana rehetra (activités concernant tous les groupements)**

*Fanohanana amin'ny fananganana ny fikambanana ho ara-dalàna ;*

Ireto avy izy ireo :

- Fivoriana miaraka amin'ny mpahazo tombotsoa mba hampahafantarana azy ny zavatra kasaina hatao,
- Fivoriana fampahafantarana sy fanentanana mifanandrify amin'ny tombotsoan'ny daholobe, izay mitondra azy amin'ny fijoroana ho fikambanana matotra (groupement mature)
- Fanampiana azy amin'ny fampijoroana ny karazam-pikambanana ara-panjakana
- Fanamorana ny fiaraha–miombon'antoka amin'ny findramam-bola (groupement solidaire pour le crédit)

*Fampiofanana ny mpikambana eo amin'ny lafin'ny fandaminan'asa (aspect organisationnel)*

- Fanomanana fanaovana fivoriambe sy fepetra fifidianana ny birao itantana ny fikambanana ary ny fanavaozana azy ireo
- Famolavolana fitsipi-pitondrana sy fitsipika anaty ary ny dina mifehy ny fikambanana
- Firaketana an-tsoratra mahomby ny fivoriana

*Fampiofanana ireo mambra ny birao, eo amin'ny lafiny fitantanam-bola*

- Fitanana an-tsoratra ny bokim-bola rehetra (livre de caisse, journal ets)
- Fomba fitantanam-bola mba hampandeha tsara ny fikambanana
- Fanaovana vinavina ny teti-bola hiditra sy hivoaka

**c. Asa atao ho an'ny fikambanana manao findramam-bola :**

- Fampahafantarana ny fikambanana ny fisian'ny fampindramam-bola madinika ao amin'ny OTIV
- Fampahafantarana ny fombafomba fidirana amin'ny OTIV sy fahazahoana mihindram-bola (crédit) ary karazana findramam-bola misy ao amin'ny OTIV arakaraka ny filan'ny mpikambana sy ny fikambanana
- Fampiofanana amin'ny fandrafetana ny antonta taratasy ilaina amin'ny findramam-bola
- Fanamorana ny fifandraisan'ny mpikambana na ny fikambanana amin'ny OTIV

## 2.6 <u>ASA ATAO ISAKY NY FIKAMBANANA</u> :

**a. Fikambanana mpampiasa rano (AUE)**

- Fanampiana ireo mpikambana ao amin'ny birao amin'ny:
  - fandaminana ny asa mba hiantohana ny faharetan'ny foto-drafitr'asa (infrastructures);
  - fanaovana ny teti-bola (compte d'exploitation) ;
  - famerana ny adidy ara-bola (cotisation et frais d'entretien) sy ny fandoavana azy.

- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpitantana ny fikambanana mba hampandeha tsara ny fikambanana ;
- Fanohanana amin'ny fandrafetana lamin'asa ho tanterahina ;
- Fanentanana ny mpahazo tombotsoa amin'ny fanatanterahany ny adidiny sy ny andraikiny amin'ny asa fanarenana
- Fanohanana ny mpahazo tombotsoa amin'ny fanaraha-maso sy fanatanterahana ny anjara asany (apport bénéficiaire)
- Fampiofanana ny mpikambana amin'ny asa fikojakojana ny tambazotra (entretien du réseau hydro agricole)
- Fampiofanana amin'ny fitantanan-drano
- Fanomanana ny fikambana mikasika ny famindranam-pitantanana (transfert de gérance)

**b. Fikambanana tohitra iombonana (GCV)**

- Fampiofanana sy fanohanana ny mpikambana amin'ny fandaminana sy ny fitantanana, ny fividianana ary ny famarotana vary ;
- Fanohanana ny fikambanana amin'ny fikajiana ny mason-karena
- Fanaovana teti-bolan'ny fikambanana ;
- Fampiofanana momba ny asan' ny tohitra iombonana;
- Fampiofanana ny fomba fanaovana ny taratasy fangataham-bola;
- Fampiofanana mikasika ny fitazonana bokim-bola sy ny bokim-pitehirizam-bary (tenue de compte et de stock);
- Fanohanana ny fikambanana amin'ny fandaminana ny fomba famatsiana;
- Fanoroana hevitra ny fikambanana amin'ny fomba fitehirizana ny vary.

**c. Vondrona mpamboly sy mpahandro lavanila (GPPV)**

- Fampiofanana amin'ny :
    - fandaminana sy ny famatsiam-bola amin'ny fandrahoana ny lavanila ;
    - fampiraharahana amin'ny mpandraharaha ara-toekarena ;
    - fivarotana ny lavanila;
    - fanamboarana sy famenoina ny antonta taratasy fampindramam-bola;
- Fanomezam-baovao sy fampiofanana ny vondrona mitambatra ao anatin'na kaoperativa na vondrona lehibe antsoina hoe "union".

**d. Fikambanana fanajariana tanety (AGT)**

- Fampiofanana ny mambra ny birao amin'ny lafiny fitantanana ny fikambanana sy fitantanana ny toe-bola ;
- Fanentanana mba hanamora ny fahazahoana miaraka ny taratasy fananantany.

**e. Fikambanana mpampiasa lalana (AUP)**

- Fampiofanana ny fikambanana momba ny fandrafetana programan'asa sy famolavolana ny teti-bola hikojakojana ny lalana ;
- Fanampiana ny fikambanana amin'ny fandrindrana fiaraha – miasa amin'ireo tompon'andraikitra voakasik' izany ao amin'ny kaominina ;
- Fanohanana ny fikambanana mpampiasa lalana amin'ny famaritana ny anjara asany manoloana ireo sampandraharaha hafa voakasika izany ;

- Fanohanana ireo tompon'andraikitra amin'ny fitsinjaranan'andraikitra sy asa eo amin'ny mpahazo tombotsoa ;
- Fametrahana rafi-pitantanana mahomby amin'ny fanaraha-maso ny fifamoivoizana, famerana ny sara-pivezivezena ;
- Fametrahana ny fitsipi-piaraha- miasa eo amin'ny kaominina sy fikambanana.

**f. Fikambanam-behivavy manao asa fihariana (AEF)**

- Fanofanana momba ny fandrafetana tetik'asa madinika
- Fanofanana momba teknikam-barotra
- Fanofanana sy fanohanana amin'ny fisafidianana ny asa hatao
- Fanohanana amin'ny fandrafetana programan'asa sy teti-bola
- Fandrindrana ny fangataham-pamatsiam-bola
- Fanohanana amin'ny fandaminan'asa sy fizoina (suivi) ny asa

**g. Fanohanana ireo kaomity kominaly**

- Fanofanana ireo mambran'ny kaomity sy ireo tompon'andraikitra hafa ao amin'ny kaominina momban'ny famolavolana PCD
- Fanohanana ny kaominina amin'ny fanomanana boky mirakitra ny mombamomba ny kaominina « monographies communales »
- Fanamafisana ny fahaiza – manao momba ny fandraharahana sy ny fitantanan-draharaha ao amin'ny kaominina
- Fanofanana momba ny fanovozana loharanom-baovao rehetra ilaina

## 2.7 NY VOKATRA AZO

| Karazam-pikambanana | Isan'ny fikambanana | Mambra | Ny Vavy |
|---|---|---|---|
| Fikambanan'ny Mpampiasa Rano (AUE) | 172 | 5 078 | 1245 |
| Fikambanan'ny Mpamboly sy Mpahandro Lavanila (GPPV) | 142 | 2295 | 582 |
| Fikambanan'ny Mpampiasa Lalana (AUP) | 03 | 92 | |
| Fikambanan'ny Tohitra Iombonana (GCV) | 60 | 1 472 | 508 |
| Kaomity fanajariana Tanety (AGT) | 02 | 108 | |
| Kaomity kaominaly (CC) | 15 | | |
| Fikambananam-behivavy manao asa fihariana (AEF) | 37 | 273 | |
| **Fitambarany** | **431** | **9318** | **2 335** |

## 2.8 FANAMARIHANA VITSIVITSY

- Nahatsangana fikambanana mpampiasa rano miisa : 172 hatramin'izao, saingy 163 ihany no mbola velona sy mandeha ara-dalana, fa ny 09 sisa kosa dia tsy afaka manao ny asany intsony nohon'ny fahasimbana goavana eo amin'ny foto-drafitr'asa.
- 60 no isan'ny fikambanana mpampiasa rano no nanaovana famindram-pitantanana ny taona 2004 ary mikasa ny hanao 60 hafa koa amin'ity taona 2005 ity ny sampan'asa AGR.
- 142 isa ny fikambanana mpamboly sy mpahandro lavanila no mivondrona ao anatin'ny Union na fivondron'ny mpamboly sy mpahandro lavanila. Miisa 10 ny Union tafatsangana ary hita ao anatin'ireto kaominina manaraka ireto :

Ampanefena – Antsirabe nord – Anjangoveratra – Bemanevika – Ambodivoara – Ambodiampana – Antindra – Farahalana- Marojala – Ambinanifaho

- Ao anatin'ny fikambanan'ny mpampiasa lalana 03 dia 02 ihany no efa miaina tsara ny fiainan'ny fikambanana dia Farahalana/Marojala sy Ampanefena/Marosotro izany. Fa ny 01 ao Ambohimitsinjo/ Andatsakala kosa dia mbola ampamitana ny asa fanarenana ny lalana.

- Ny fikambanan'ny tohitra iombonana 60 voatsangana dia tsy miaina ny fiainanan'ny fikambanana intsony nanomboka ny taona 2003 noho ny fiakaran'ny vidin'ny vokatra lavanila, iray kilao amin'ny vokatra lavanila masaka dia hazahoana vary 10 gony.

- Ny fikambanam-behivavy manao ny asa fihariana dia nafindra ho tantanin'ny Caisse Féminine ao amin'ny OTIV.

# 3. MISE EN VALEUR AGRICOLE (MEVA)

## 3.1 Momban'ny MEVA

Ny MEVA dia rantsana iray ao anatin'ny Sampan'asa APA na Appui à la Production Agricole. Ny tanjona dia ny hampitombo ny voka-bary ao anatin'ny horaka nohajarian'ny Tetik'asa PADANE.

## 3.2 TANJONA

Fampihenana ny maintso ahitra amin'ny alalan'ny fampitomboana sy ny fahaiza-mitantana ny vokatra

## 3.3 ANDRAIKITRA SY ZAVA-BITA

**Tabilao : Momban'ireo faritra iasan'ny MEVA**

| KARAZANY | REFY | Distrikan'i Vohémar | Distrikan' Antalaha | | Distrikan'i Sambava | | Totaliny |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Faritra Avaratra | Faritra Atsimo | Faritra Avaratra | Faritra Atsimo | Faritra Anivo | |
| TS | Isa | 1 | 1 | 2 | 1 | 1 | **6** |
| AVB | Isa | 5 | 3 | 3 | 6 | 5 | **22** |
| AP | Isa | 6 | 2 | 3 | 9 | 6 | **26** |
| Horaka nohajariana | Isa | 31 | 27 | 23 | 54 | 41 | **176** |
| Horaka madinika | Isa | 28 | 26 | 22 | 54 | 39 | **169** |
| Horaka maventy | Isa | 3 | 1 | 1 | 0 | 2 | **7** |
| Velaran-tany voatondraka | Ha | 783 | 399 | 46 | 528 | 660 | **2650** |
| Mpamboly | Isa | 940 | 736 | 604 | 1037 | 1084 | **4401** |
| Kaominina | Isa | 4 | 4 | 5 | 8 | 10 | **33** |

### a. Fiaraha-miasa amin'ny DRDR

Fito (7) ny isan'ny Teknisianina avy amin'ny DRDR miara-miasa akaiky amin'ny PADANE : 4TS, 3 AVB.

### b. Fiofanana

- *Fampihofanana ny mpamboly*

Fampihofanana momba ny SRI na voly vary maro anaka sy ny fomba fanajariana horaka miaraka amin'ny TEFY SAINA

**Tabilao : Fitsinjaran'ny mpamboly niofana isaky ny distrika**

| Distrika | 2002 | 2003 | 2004 | TOTAL | FITSINJARANA | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | VAVY | LAHY |
| Antalaha | 13 | 307 | 203 | **523** | 243 | 281 |
| Sambava | 15 | 200 | 527 | **742** | 252 | 489 |
| Vohémar | 6 | 44 | 232 | **282** | 106 | 176 |
| **TOTALINY** | **34** | **551** | **962** | **1547** | **601** | **946** |

**34% (1547) ny mpamboly miara miasa amin'ny PADANE no efa nahazo fiofanana**

- *Fiofanana ho an'ny teknisianina*
    - Fampiasana fanafody iadiana amin'ny bibikely sy ny ahidratsy
    - Fanamboarana zezika compost
    - Lalana mifehy sy ny tekinika famokarana ambeo miaraka amin'ny SADSP

**c. Fitsidihana fifanakalozana natao tany Andapa (Visite d'échange ou voyage d'information)**

Ny fitsidihana rodobe natao tany Andapa dia sehatra nifanakalozana traikefa sy vaovao eo amin'ny samy mpamboly sy eo amin'ny samy teknisiana avy amin'ny toerana samihafa.

89 no isan'ny mpitsidika :

- 73 Mpamboly
- 16 Teknisianina

**d. Fametrahana rafitra maharitra**

Ny fifidianana Mpamboly mpanentanana iray isaky ny horaka (Animateur de périmètre) dia fomba anakiray ahafahana mampaharitra ny fahaiza-manao rehetra izay naparitaky ny tetik'asa PADANE mikasika ny fanatsarana ny fambolem-bary.

Miisa 26 ny Mpamboly mpanentana (AP) miasa eo anivon'ny horaka noajarian'ny Tetik'asa.

**e. Fanampiana tosika eo amin'ny sehatry ny fambolem-bary**

- **Fanatsarana ny teknika fambolem-bary**

Ireo loha-hevitra voizina :

- Voly vary maro anaka na « Système de riziculture intensif » (SRI) ;
- Voly Vary nohatsaraina na « Système de riziculture amélioré » (SRA) ;
- Fanamboaran-jezika « Compost » ;
- Fampiasana aody famonoana ahidratsy ;
- Fampiasana fitaovana (Angadin'omby, Milina fiavàna, sns) ;
- Fampiasana ambeo "TOX V 5" mahatohitra vary folera.

**Tabilao : Vokatra azo isan-taona**

| KARAZANY | Refy | TAONA | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | 2001 | 2002 | 2003 | 2004 |
| **Velaran-tany voatondraka** | Ha | 915 | 1273 | 2650 | 2650 |
| **Velaran-tany voavoly an-taona** | Ha | 491 | 670 | 1736 | 1469 |
| **Velaran-tany voavoly an-andririnina** | Ha | 489 | 844 | 1089 | 1087 |
| **Fitambarany** | Taona | 1685 | 3149 | 6938 | 6598 |
| **Vokatra isaky ny hekitara an-taona** | T/Ha | 1.74 | 1.9 | 2.63 | 2.74 |
| **Vokatra isaky ny hekitara an-dririnina** | T/Ha | 1.70 | 2.2 | 2.17 | 2.36 |
| **Isan-jaton'ny mpamboly nanao SRI** | % | 5.05 | 5.8 | 7.23 | 18.1 |
| **Isan-jaton'ny mpamboly nanao SRA** | % | 18.74 | 21 | 38.9 | 60.3 |

❖ **Famokarana ambeo**

- Andrana tamin'ny karazam-bary 7 mahatohitra ny vary folera, fiaraha-miasa miaraka amin,'ny FOFIFA- Mahajanga

Ny TOX V 5 no karazan'ambeo tena mahatohitra ny vary folera ary mamokatra be.

- Fametrahana ivo toerana famokarana ambeo miisa 3 ao anatin'ny faritra iasan'ny PADANE: Horaka iray isaky ny distrika.

| | |
|---|---|
| Distrikan'ny Vohémar | : Horak'i Mahazava aval |
| Distrikan'ny Sambava | : Horak'Antsahavanona |
| Distrikan'Antalaha | : Horak'i Ratsianarana |

**f. Fanamorana ny fampitaovana ny mpamboly**

- Fanomezana milina fiavàna 49 sy angadin'omby 10 ho an'ny mpamboly traboina tamin'ny GAFILO;
- Fanamorana ny fanatanterahana ny politika-panjakana eo amin'ny lafiny fampitaovana angadin'omby 25 Kg ny mpamboly, amin'ny alalan'ny "Opération Charrue";
- Fiaraha-miasa amin'ny SOCIETE RAMANANDRAIBE amin'ny alalan'ny fivarotany angadin'omby (35 kg) sy milina fiavàna amin'ny vidiny mirary;
- Fizarana RIFIT, ody famonoana ahidratsy;
- Fanomezana fitaovana fanaovana fampiharana ny teknika-pambolena ny Animateur de périmètre toy ny Paompy, angadin'omby, milina fiavàna (na Kit animateur).

# 4. DEVELOPPEMENT D'ACTIONS SUR TANETY (DAT)

## 4.1 FAMPIDIRANA

Ny DAT dia sampana mampifandray ny MEVA sy ny AHA. Ny asany dia mifotra amin'ny fanajariana sy fitantanana ny fitrandrahana ny tanety manodididna ny horaka voajarin'ny tetik'asa PADANE.

## 4.2 TANJONA

Ny sampana DAT dia manampy amin'ny fahatrarana ny tanjona ankapoben'ny PADANE izay miompana amin'ny fanantsarana ny fari-piainan'ny mpamboly madinika, indrindra indrindra ireo izay tena sahirana ara-pivelomanana.

Ny tanjona manokan'ny sampana DAT dia :

- Miantoka ny famerana ny fikorosoan'ny tontolo iainana (nofontany) manodidina ny horaka madinidinika noajarian'ny tetik'asa ;
- Miantoka ny fifehezana ny fambolena an-tanety sy ny fampiarana ny teknika fiarovana ny nofontany ;
- Miantoka ny raharaha rehetra mikasika ny fananantany izay hifanarahan'ny mpahazo tombontsoa (Opération domaniale concertée : ODOC), izay nahatontosa ny andraikiny.

## 4.3 FOMBA FIASA SY TETIK'ADY

Ny fananganana fikambanan'ny tantsaha manamaintimolaly ny tanety no hany lalana mahomby hafahana manatratra ny tanjona izay napetraka.

Mizara roa ny fomba fanatanterahana ny asa dia:

- *Fiasàna sy fisidihana araka ny filàna  ny toerana fanaovana fampisehoana sy fampiharana;*
- *Fiaraha-miasa mirindra sy maharitra mahakasika ny toerana izay anaovana famolavolana ny fananantany iarahan'ny mpahazo tombontsoa.*

## 4.4 ANDRAIKITRA

Miompana amin'ny toe-javatra dimy ny andraikitra mipetraka amin'ny DAT:

- Famolavolana teti-panajariana ho amin'ny fanantany ifanarahana (ODOC), mba hanafoanana ny olana rehetra mateti-pitranga eo amin'izany fananatany izany;
- Fanamafisana sy fanatsarana ny fahaiza-manao ny tantsaha sy ny teknisiana avy amin'ny alalan'ny fampiofanana azy ireo momba ny fanajariana sy ny fomba fiarovana sy fanatsarana ny nofontany (Défense et restauration des sols) ary ny fanaraha-maso;
- Fampidirana fomba fitrandrahana ara-drariny ny harena voajanahary sy teknika-pambolena mifandrindra amin'izany
- Fampitomboana ny toerana fanaovana fampiharana sy fampisehoana ny fomba fambolena mifototra amin'ny faritra manodidina ny horaka noajariana.
- Fizarana ny taratasy mikasika ny fananantany ifanarahana amin'ny mpahazo tombontsoa.

## 4.5 FARITRA IASANY

Kaominina sivy (9) ato anatin'ny faritra SAVA no iasan'ny sampana DAT ary ny ivo toerana rehetra anatanterahany ny asa dia voatsinjara ao anatin'ireto zotra efatra (4) manaraka ireto :

- Zotra (Axe) Vohemar : Andampy, Beazafo, Andranomadio
- Zotra (Axe)  Andapa: Marojao, Antanambao Antilongo
- Zotra (Axe) Antalaha: Ratsianarana, Antampolo, Antserasera et Maroakoho
- Zotra ivelan'ireo telo voafaritra eo ambony ireo: Anjinjaomby, Antsahamangoraka

## 4.6 MPIARA-MIOMBON'ANTOKA

Ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny sampana DAT

- Ny mpahazo tombontsoa mivondrona anatin'ny Fikambanan'ny tantsaha manamaintimolala ny tanety (AGT) ;
- Ny tantsaha mpikambana ao anatin'ny Fikambanan'ny mpampiasa rano (AUE) izay mamboly ny horaka tokony ho harovana ;
- Ny manampahefana isan-tsojany eo an-toerana : Filohan'ny Fokontany sy ny Ben'ny tanàn'ny kaominina voakasiky ny asan'ny sampana ;
- Ny rafitra eo amin'ny faritra misahana ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra izay soloin'ny sampan'asa miandraikitra ny fananantany sy sampana misahana ny Fandrefeta-tany ho an'ny ODOC ;
- Ny sampana MEVA, AHA sy AGR avy ao amin'ny tetik'asa PADANE
- Ny sampana tsy miankina amin'ny fanjakana (ONG) ary ny mpanao fandalinana (Consultants).

## 4.7 ZAVA-BITA

| Famaritana | Tanjona Réf. RMP | Ny zava-bita |
|---|---|---|
| **Fanaovana fambolena mifototra amin'ny toerana iray** | | |
| Isan'ny toerana niasana | 15 | 15 |
| Teti-panajariana voavaotra (DRS) | 15 | 6 |
| Fampiofanana Teknisiana | | 10 |
| Fampiofanana Mpamboly | | 50 |
| Tanin-ketsan'ny tantsaha niforona | | 13 |
| Isan'ny Mpahazo tombontsoa (Bénéficiaires notifiés) | 1100 | 370 |
| Mpahazo tombontsoa nahatanteraka ny andraikiny | 1100 | 412 |
| Velarantany voaaro (ha) | 1080 | 123 |
| **Famolavolana teti-panajariana ho amin'ny fanantany ifanarahana** | | |
| Taratasy fananantany voazara | 1100 | 119 |

**Tabilao : Famokarana zana-kazo vita isaky ny toera-pamokarana**

| Toera-pamokarana | Eucalyptus citriodora | Eucalyptus camaldulensis | Acacia mangium | Pinus caribeae | Intsia bijuga | Acacia siameae | Melia azedarach | Leucaena leucocephala | Sesbania sesban | Tephrosia vogelii | Fitambarambeny |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Taniketsa (Pépinières)** | | | | | | | | | | | |
| Beazafo | 300 | 45 | 300 | 100 | 97 | | 40 | 1 000 | 2 | 60 | 1 944 |
| Adampy | 300 | 50 | 300 | 200 | 90 | | | 200 | | 15 | 1 155 |
| Ambohibary | 250 | 126 | 300 | 400 | 120 | | | 200 | | | 1 396 |
| Antsahamangoraka | 1 600 | 23 | 540 | 80 | 300 | 100 | 200 | 500 | | 40 | 3 383 |
| Marojao | 450 | 25 | 550 | 350 | 92 | 50 | | 300 | 2 | 30 | 1 849 |
| Antanambao Antilongo | 300 | 130 | 412 | 100 | 600 | | | 500 | | 10 | 2 052 |
| Anjinjaomby | 1 000 | | | 1 000 | | | | | | | 2 000 |
| Maromokotra | | | 200 | 40 | 120 | | 70 | 100 | | | 530 |
| Antampolo | | | 310 | 62 | | 200 | | 50 | | | 620 |
| Antserasera | | | | | | | | | | | |
| Maroakoho | | | | 53 | | | 100 | 200 | 2 | 20 | 375 |
| **Fitambarany isa-tsokajiny** | **4 200** | **399** | **2 912** | **2 385** | **1 419** | **350** | **410** | **3 050** | **6** | **175** | |
| **Fitambarambeny** | | | | | | | | | | | **15 310 zana-kazo** |

Sesbania sesban: velaratany voarakotra (are)
Melia azedarach: Manana fahafahana mamono bibikely (espèces insecticides)

## 4.8 FANAMARIHANA

Olana lehibe saro-bahana ho an'ny sampana DAT ny fisamihafan'ny tombontsoan'ny Mpitrandraka tanety sy ny Mpamboly vary ao amin'ny horaka noajarian'ny tetik'asa PADANE.

Soso-Kevitra:

**Tsara raha hamaivanina ny fomba fahazoana miaraka ny taratasy fananatany**

# 5. AMENAGEMENT HYDRO-AGRICOLE (AHA)

## 5.1 NY ASA IANDRAIKETANY

- Fanaovana ny fitsirihana ireo horaka nahazoana fangatahana avy amin'ny mpahazo tombotsoa ;
- Fanaovana ny fanadihadiana hanajariana ireo horaka ;
- Fifampidinihana amin'ireo mpahazo tombotsoa amin'ny drafitra ankapoben'ny fanajariana hatao sy ny andraikitr'ireo mpahazo tombotsoa amin'izany fanarenana izany;
- Fanarahamaso ny asa fanajariana ;
- Fanofanana ireo mpahazo tombotsoa amin'ny fomba fikojakojana sy fitantanana ny tambazotra ;
- Fanampiana ara teknika ireo Fikambanana amin'ny fanorenana ny programan'asa isan-taona sy ny vinavinam-bola ho angonina amin'ny saram-pikojakojana ;
- Fanohanana ara teknika ireo mpahazo tombotsoa amin'ny fanatanterahana ny asa fikojakojana na ny asa fanamboarana ;
- Fanaovana ireo « plans parcellaires » n' ireo horaka nohajariana;
- Fanadihadiana sy fanaraha maso ireo asa fanamboarana tetik'asa madinika natolotr'ireo Kaominina (Appui à l'Initiative Locale : AIL);

## 5.2 FEPETRA SY FOMBA FIASA

- Ny vinavin'ny tetibidin'ny asa fanajariana ny horaka dia 700 000 Ar isaky ny Hekitara ;
- Ny asa fanajariana dia tanterahan' ireo Entreprise PME na avy aty amin'ny faritra, na avy amin'ny faritra hafa indrindra fa Antananarivo ;
- Ny fifidianana ny Entreprise hanatanteraka ny asa dia amin'ny alalan'ny Tolotr'asa « Appel d'offres ouvert » na « Appel d'offres restreint ».

## 5.3 IREO ASA VITA

- Horaka voajary : 175
- Velaran-tany voajary : 4 830 Ha
- Tetibidin'ny asa fanajariana : 15 Md Ar
- Fikambanana nahazo fiofanana ara teknika : 151
- Plans parcellaires vita : 87
- Tetik'asa madinika AIL vita : 156 ka isan' izany:
    - Ny fanokafana lalana : 11 km
    - Ny fanomezana lakana : 05
    - Ny fanamboarana ouvrage madinika amin'ny lalana : 03
    - Ny Ranovovo : 137
    - Bac : 1

## 5.4 ANDRAIKITRA ANDRASANA AMIN'NY KAOMININA

- Fanaraha-maso ireo horaka nohajariana :
    - Famporisihana amin'ny fampitomboana ny famokarana;
    - Famahana ny olana samihafa;
    - Sns …

- Fanohanana ireo Fikambanana :
  - Fampiharana ny fitsipika anatiny ;
  - Famahana olana samihafa mety hiseho eo amin'ny fikambanana mikasika ny fitantanana ny tambazotra sy ny rano ;
  - Toro hevitra ;
  - Fampifandraisana ireo fikambanana amin'ireo sampandraharaha samihafa (sampandraharaham-panjakana, mpamatsy vola, ONG afaka hanome teknika vaovao, …).

- Fanentanana ireo fikambanana mikasika ny :
  - Fikojakojana sy fanamboarana ny simba amin'ny tambazotra ;
  - Fanangonam-bola ho saram-pikojakojana sy ho fanamboarana ny simba;
  - Fanitarana ny velarantany volena, ny fangadiana kanaly hampitombo ny velarantany voatondraka, fanaovana kanaly fanariandrano (drain);
  - Fanarahana ny teknika fambolena nohatsaraina hampitombo bebe kokoa ny vokatra.

## 5.5 <u>KARAZANA OLANA EFA NITRANGA</u>

### a. NILANA FANENTANANA

- Ny Fikambanana tsy mahavita antsakany sy andavany ny fikojakojana ny tambazotra ;
- Ny Fikambanana tsy mahaefa manamboatra ny simba madinika tokony ho vitany nefa mahatonga ny tsy fahampian'ny rano ;
- Ny Fikambanana tsy mangady na mangarona ny drain fanariandrano ;
- Ny Fikambanana tsy manao ezaka manitatra ny velarantany amokaram-bary : fangadiana canal vaovao, famolahana ny tany tokony hatao tanimbary nefa mbola lava volo.

### b. NILANA FANOHANANA

- Misy mpikambana tsy manaja ny fitsipika anatiny mifehy ny Fikambanana :
  - Fanimbana ny tambazotra ;
  - Fangalana rano be loatra ka tsy mahampy ny rano ho an'ny mpikambana hafa ;
  - Tsy fandraisana anjara amin'ny asa iraisana hikojakojana na hanarenana ny simba ;
  - Tsy fandoavana ny saram-pikojakojana.

- Misy olona mamily ny rano any alohan'ny barazy;
- Misy sampandraharaha hafa te - hampiasa ny rano alohan'ny barazy;
- Misy olona tsy manaja ny fandaminana napetraky ny Fikambanana : fanasàna, fitsakan'ny omby na ny olona amin'ny canal, …
- Fikambana roa na telo tsy afaka mifandamina amin'ny fitsinjarana sy fampiasana ny rano avy amin'ny renirano iray iraisana.

### c. NILANA FANOHANANA ARA TEKNIKA NA ARA TORO HEVITRA

- Misy fahasimbana lehibe ny tambazotra ka miraviravy tanana ny Fikambanana, tsy mahita izay lalana hombana ;
- Manana vinavina hanamboatra ouvrage ny Fikambanana nefa tsy hainy inona no tokony hataony na ny tokony halehany ;

- Manana olana ny Fikambanana amin'ny fitsinjarana araka ny tokony ho izy ny rano ho an'ny mpikambana rehetra nefa tsy voavahany ara teknika ilay olana ;
- Manana vinavina hangady canal lava ny Fikambana nefa tsy hainy ny hanaovana azy;
- Fikambana roa na telo tsy afaka mifandamina amin'ny fitsinjarana sy fampiasana ny rano avy amin'ny renirano iray iraisana.

# 6. DEVELOPPEMENT DES INFRASTRUCTURES ROUTIERES (DIR)

## 6.1 TANJONA HO TRATRARINA

- Miantoka ny fanatsarana ny fifamezivezen'ny olona, ny vokatra ara-pambolena sy fitaovana samihafa ary ny fanatsarana ny fitantanana ny foto-drafitr'asa mifandraika amin'ny fifamoivoizana ;
- Miantoka ny fandraisana an-tanan'ny fikambanan'ny mpampiasa lalana sy ny koaminina mahazo tombontsoa ny fitantanana ny fampiasana ny lalana narenina.

## 6.2 NY ANDRAIKITRY NY DIR

Ny andraikitry ny sampana DIR izany dia miompana amin'ny:

Famerenana amin'ny laoniny indray ireo lalana simba misy ao anatin'ny faritra iasan'ny tetik'asa PADANE ka nosafidiny ary fanamafisana amin'ny alalan'ny fampiofana, ny fahaiza-manao ara-pandaminana, ara-teknika sy ara-bolan'ny mpahazo tombotsoa mivondrona ao anatin'ny fikambanan'ny mpampiasa ny lalana.

## 6.3 NY ASA ATAONY

Fanarenana ny lalana :

## 6.4 NY ZAVA-BITA

**Tabilao : Ny zava-bita**

| **Ny lalana noajariana** | **Halavany** km | **Toe-javatra ankehitriny** |
|---|---|---|
| Ampanefena – Befandriana | 5 | Voatolotra amim-pomba aofisialy |
| Farahalana – Marojala | 22 | Voatolotra vonjimaika |
| Ambohimitsinjo – Andatsakala | 12 | Andala-pamitana |
| **Fitambarany** | **39** | |

# 7. FINANCES RURALES (FR)

## 7.1 NY MOMBA NY SAMPANA FR

- Sampana miandraikitra ny fandraharahana ara-bola madinika ny sampana FR izay sahanin'ny zotra OTIV eto amin'ny faritra SAVA. Fiaraha-miasa teo amin'ny tetik'asa PADANE sy ny orin'asa Kanadiana DID ny fametrahana azy.

## 7.2 NY ANDRAIKITRA

- Fanolorana sehatra ara-bola madinika ny mponina manodidina mba hahafahany mampitombo ny vokatra sy manatsara ny fari-piainan'izy ireo. Izany sehatra ara-bola madinika izany dia natao mba hifanaraka amin'ny filan'ny mponina.

## 7.3 NY TANJONA

- Fandraisana anjara amin'ny fampihenana ny fahantrana amin'ny alalan'ny fanomezana sehatra ara-bola tahiry sy fampitrosana;
- Fametrahana OTIV manakaiky ny mponina mba hahafahan'izy ireo mitahiry vola ary misambotra amin'ny fotoana ilana izany;
- OTIV miisa 14 amin'ny faritra iasan'ny PADANE ary 4 kosa amin'ny faritra hafa (Andapa);
- Fampaharetana ara-bola ny tamba-jotra ary fampiroboroboana ny ara-tsosialy.

## 7.4 FOMBA FIASA SY TETIK'ASA

Miompana amin'ny :

- Fametrahana OTIV tantanan'ny olom-boafidy sy ny teknisiana mba hisiana'ny mangarahara sy ny demokrasia ara-pitantanana (pouvoir démocratique)
- Fiaraha-miasa amin'ny DID amin'ny lafiny fanohanana ara-teknika
- Fanomezana karazan-tsehatra ara-bola (service financier) samihafa (voly, varotra, fitaterana, orin'asa, jono, kojakojan-tokatrano, sns) ho an'ny mponina;
- Fampiofanana ny mpitantana sy ny teknisiana;
- Fiaraha miasa amin'ny manampahefana

Fitsinjarana andraikitra eo anivon'ny OTIV

| Tompon'andraikitra | Andraikitra |
|---|---|
| Teknisiana | Mamolavola sy manolotra (recommandations) hevim-pitantanana |
| Olom-boafidy | Misolo-tenan'ny mambra mandray fanapahan-kevitra |
| Mambra | Mandray ny fanapaha-kevitra farany amin'ny alalan'ny fivoriam-be ara-potoana na tsy ara-potoana. |

## 7.5 ZAVA-BITA ARA-TAREHIMARIKA

- OTIV 18 no niforona ato anatin'ny faritra SAVA ka ny 14 amin'ireo dia anatin'ny faritra iadidian'ny PADANE avokoa. Mitentina eo amin'ny 180 tapitrisa Ariary eo ho eo.
- Miisa 190 mahery ny mpitantana (Filan-kevim-pitantanana, Komity fisamborana, Komiry mpanara-maso)
- Miisa 60 ny Teknisiana
- Fiombonam-ben'ny OTIV iray (Union des OTIV)

| Sampana | | Tanjona | Zava-bita | | | | | | | | | Isan-jato |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Mari-drefy | RMP | 1998 | 1999 | 2000 | 2001 | 2002 | 2003 | 2004 | mars-05 | Tambatra | /RMP |
| a Totalin'ny mambra | Isa | 15 141 | 1 294 | 3 840 | 7 160 | 11 285 | 13 386 | 15 500 | 17 025 | 17 200 | 17 200 | 113,02% |
| Vaiavy | Isa | 5 602 | 346 | 1 321 | 2 760 | | 4 689 | 5 300 | 5 533 | 5 985 | 5 985 | 106,84% |
| b Totalin'ny tahiry | 1000 Ar | 3 724 800 | 66 612 | 504 691 | 1 836 168 | 3 677 688 | 2 527 749 | 4 024 440 | 1 880 000 | 1 991 506 | 2 000 000 | 53,47% |
| c Salan,isan'ny tahiry isan'olona | Ar | 246 008 | 51 400 | 131 430 | 256 448 | 325 800 | 188 835 | 259 641 | 110 426 | 116 374 | 116 280 | 47,30% |
| d Salan'isa tahiry isan'OTIV | 1000 Ar | 206 933 | 8 320 | 36 049 | 131 155 | 262 692 | 140 431 | 211 813 | 104 444 | 110 639 | 111 000 | 53,47% |
| e Isan'ny fampindramana | Isa | 14 100 | 0 | 830 | 2 756 | 2 567 | 2 372 | 721 | 2 519 | 32 | 11 797 | 83,67% |
| Tamin'ny tahiry | Isa | 4 950 | 0 | 613 | 1 928 | 1 646 | 297 | 560 | 809 | 32 | 5 885 | 118,89% |
| GPPV | Isa | 2 100 | 0 | 154 | 499 | 347 | 1 499 | 139 | 1 160 | 0 | 3 798 | 180,86% |
| GCV | Isa | 4 800 | 0 | 63 | 169 | 386 | 94 | 22 | 50 | 0 | 784 | 16,33% |
| AEF | Isa | 1 800 | 0 | | 160 | 188 | 0 | 0 | 0 | 0 | 348 | 19,33% |
| Ny Caisse féminine | Isa | | 0 | | | | 482 | 600 | 500 | | 1 582 | #DIV/0! |
| AIA (crédit documentaire) | Isa | 450 | 0 | | | | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0,00% |
| f Tomban'ny fampindramana | 1000 Ar | 6 082 000 | 0 | 221 972 | 1 043 439 | 1 031 000 | 642 201 | 1 249 618 | 1 980 000 | 63 254 | 6 231 484 | 102,46% |
| Tamin'ny tahiry | 1000 Ar | 4 500 000 | 0 | 177 079 | 869 164 | 899 550 | 344 174 | 1 077 600 | 1 297 500 | 63 254 | 4 728 321 | 105,07% |
| GPPV | 1000 Ar | 980 000 | 0 | 41 410 | 132 208 | 72 916 | 253 470 | 144 200 | 420 000 | 0 | 1 064 204 | 108,59% |
| GCV | 1000 Ar | 324 000 | 0 | 3 482 | 12 587 | 28 984 | 3 987 | 19 000 | 2 500 | 0 | 70 540 | 21,77% |
| AEF | 1000 Ar | 188 000 | 0 | 0 | 29 480 | 29 550 | 0 | 0 | 0 | 0 | 59 030 | 31,40% |
| Ny Caisse féminine | 1000 Ar | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 40 570 | 70 000 | 260 000 | | 370 570 | #DIV/0! |
| AIA | 1000 Ar | 90 000 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0,00% |

## 7.6 LALÀNA SY FIFEHEZANA

- Lalam-panjakana :
    - 96-020 mifehy orin'asa mpiombona misehatra ara-bola madinika (institution financière mutualiste)
    - 95-030 mifehy ny orin'asa mpampindram-bola (établissement de crédit)

- Lalàna anatiny : Sata, fitsipika anatiny, rafitra (manuel et politique).

## 7.7 ZAVATRA IAINANA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO

- Mbola tsy nahazo fankatoavana ara-panjakana ny réseau OTIV SAVA
- Ity 2005 ity no taona farany hisian'ny tohana ara-bola sy ara-teknika avy amin'ny PADANE
- Efa mitondra 100% ny kirakiram-pitantana rehetra ny OTIV SAVA ary tsy misy fanohanana ara-bola ivelany intsony amin'izany (subvention de fonctionnement)
- Malagasy avokoa no miantoka ny fitantanana ny raharaha amin'ny ankapobeny
- Manohana ara-teknika tsy maharitra kosa ny DID
- Nihena be ny vidin'ny lavanila tamin'ny 2004 ka niteraka olana be teo amin'ny famerenen-trosa sy ny vokatra ankapobeny izany

## 7.8 FIARAHA MIASA AMIN'NY KAOMININA

Ny kaominina no :

- Manetsiketsika ny mponina amin'ny fidirana ho mambra OTIV;
- Manome fahazon-dalana amin'ny fiorenan'ny OTIV;
- Manampy amin'ny fampitrosana (dossier, légalisation, influence, etc.)
- Manampy amin'ny fampiorenana ara-panjakana (formalisation) ireo fikambanana samihafa (GCV, GPPV, AGRF, ONG, etc.)

## 7.9 FIJERY LAVITRA (PERSPECTIVES)

- Ny OTIV dia rafitra demokratika. Raha tiana haharitra izy dia mila manaja izany ny mambra ao anatiny. Ny mambra dia tompony ary tompon'ny fahefana rehetra mikasika ny fampiroboroboana azy koa.
- Ny andraikitry ny manam-pahefana dia tsy azo hiodivirana hampaharitra ny OTIV
- Misy kaominina efa manao fangatahana hanorona OTIV amin'izao fotoana izao
- Ilaina ny hampitomboana ny isan'ny OTIV rehefa azo ny fankatoavana ara-panjakana
- Amin'ny taona 2010 dia tokony ho efa 23 farafahakeliny ny isan'ny OTIV miorina eto amin'ny SAVA.

## 7.10 OLANA SAMIHAFA

- Mahatsiaro ho irery ny OTIV amin'ny famahana ny olana indraindray, rehefa tsy ampy ny fiaraha miasa amin'ny manampahefana.
- Mbola tsy ampy fahamatorana ny mambra sasany ka mitady hanimba ny OTIV (findramana indrindra indrindra).
- Amin'ny maha sehatra manakaiky ny mponina ambanivolo azy dia misedra olana ara-teknolojika ny OTIV
- Ny halatra sy fanodinkodinana dia tena olana mbola mipetraka ary ilaina ny fiaraha-miasa avy amin'ny manampahefana.

# 8. UNITE DE PROGRAMMATION ET DE SUIVI EVALUATION (UPSE)

## 8.1 SAMPANA UPSE

Ny UPSE dia zana-tsampana ao anatin'ny sampana Fitantanana ny Tetik'asa (GdP) ary miasa eo ambany fihahiana'ny Talen'ny Tetik'asa.

## 8.2 ANDRAIKITRA

Amin'ny ankapobeny dia :

- Manara-maso sy manao tomban'ezaka ny fivoaran'ny fanantanterahana ny asa sahan'ny tetik'asa PADANE ;
- Manangona sy mandravona ary mamakafaka ny zava-bitan'ny tetik'asa ;
- Mitahiry ny antontan'isa rehetra vokarin'ny sampana sy zana-tsampana misy ao anatin'ny tetik'asa. Fomba roa no itehirizana ny antontan'isa :
    - Raiketina anaty boky ;
    - Raiketina anaty solo saina.

## 8.3 FOMBA FIASA

Tsy miasa irery ny zana-tsampana UPSE fa :

- Miara-miasa akaiky sy maharitra amin'ny sampana sy zana-tsampana misy ao anatin'ny tetik'asa mandrakariva ;
- Miara-miasa amin'ny sampan'asa miandraikitra ny fanaraha-maso sy ny tomban'ezaka avy any amin'ny Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jona amin'ny alalan'ny fangatahana tohana avy amin'io ministera mpiahy io.

## 8.4 PROGRAMAN'ASA HO TANTERAHANA AMIN'ITY TAONA 2005 ITY

Ifamdrimbonany amin'ny sampana sy zana-tsampana rehetra ary ny sampan'asa miandraikitra ny fizoina sy ny tomban'ezaka avy any amin'ny Ministera Mpiahy (MAEP):

a. Fanomanana ny tomban'ezaky ny fiantraikan'ny tetik'asa PADANE teo amin'ny fampiroboroboana ny fambolena ary ny fanatsarana ny fari-piainan'ny Tantsaha amin'ny ankapobeny, indrindra indrindra ireo sahirana ara-pivelomana.

    - *Ireo voakasiky ny asa fanadiadiana:*
        - Ireo niara-niombonantoka rehetra tamin'ny tetik'asa:
            - Tokantrana mpamboly vary;
            - Tokantrana mpamboly lavanila;
            - Ireo mpikambana sy mpitarika fikambanana na vondron'ny tantsaha niara-niasa tamin'ny tetik'asa;
            - Ekipa kaominaly;
            - Sns, …

- *Fotoana anatanterahana ny tomban'ezaka:*
  - Jolahy - novambra 2005
- *Faritra anaovana ny asa fanadiadiana:*
  - Faritra niasan'ny PADANE
- *Hanatontosa azy:*
  - Vondron'asa mpanao fandalinana tsy miankina amin'ny fanjakana
- *Zavatra takian'izany asa tomban'ezaka izany:*
  - Fiaraha-miasa aminin'ny kaominina: Fanamorana ny fanatanterahana ny asa fanadiadiana.

b. Fanomanana ny famindrana ny zava-bita, ny fahaiza-manao ary ny andraikitra nosahan'ny tetik'asa amin'ny sampan'asa mahefa misahana ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra ato anatin'ny faritra SAVA (Transfert des acquis du projet et de responsabilits aux structures de relève).

- *Fanomanana ny atrik'asa sava ranonando amin'ny famindrana andraikitra;*
- *Fananganana kaomity iray hisahana ny fandrindrana andraikitra sy ny fanatanterahana ny praograman'asa rehetra ilaina amin'izany;*